# VAOVAON' NY KOMINOTE N'NY NOVISIA ANY NKONGSAMBA - KAMERONA

**Masera 4 sy novisy 6 no mandrafitra ny kôminôte-nay : 2 novisy taona faharoa ary 4 ny taona voalohany.**

Masera Marie Juliette RASOAMIAFARA

Izaho no miandraikitra ny fambolena sy ny fiompiana miaraka amin'ireo mpiasa : Atoa. Jean Bosco sy Rtoa Marie Claire, ato amin'ny kôminôten'i Novisia.



Mikasika ny fambolena : mioty akondro fahandro sy katsaka indroa isan-taona izahay volana aogositra sy marsa ; mananasy sy mangahazo indray mandeha isan-taona.



Ny zaridaina mitaky asa betsaka fa manome anay le-gioma ampy tsara : karaoty, haricots verts, pitipoa, anamaitso isan-karazany. Hatramin'izao dia tsy dia mety ny hazo fihinam-boa noho toetry ny nofon-tany izay ezahanay hatsaraina amin'ny fampiasana zezika kômpôsta izay amborinay ihany amin'ny alàlan'ny fako sy ambin-javatra





Miompy bitro ihany koa izahay. Ny Novisy no mikara-kara rehefa faran'ny herinandro ampiandry masera.

Ny fitandroana ny fahadiovan'ny manodidina ihany koa dia laharam-pahamehana ho anay : manapaka ny ahitra, mandio ny fivohan'ny rano ary indrindra mikojakoja ny renirano mba tsy hisy tondran-drano mandritra ny fotoanan'ny orana.



Isaky ny Alakamisy maraina, miara-miasa miaraka amin'ny Novisy aho manamboatra savony, eau de jav-el sy menaka amin'ny vahona izay amidinay raha tsy izany miasa any an-tsaha.

**Tena feno ny andro fa mitondra hafalina rehefa tsara ny vokatra !**



# VAOVAO VITSIVITSY AVY AMIN'NY NOVISY TAONA VOALOHANY

## MEDRIED KIYAH

Niditra ny Novisia aho ny 15 Aogositra 2018, fetin'ny nampiakarana an'i Masina Maria any an-danitra, daty tsy hay hadinoina !

Noho ny fampiasam-panahin'i Md Ignasy afaka mandalina ny finoako aho sy ny fianarana mandanjalanja mba hanaraka bebe kokoa an' i Jesoa isan'andro isan'andro. Fa tsy ho an'ny vavaka fotsiny ihany anefa ny andro manontolo fa eo ihany koa ny asa ao amin'ny kôminôte sy ny Paroasy, misy fotoana handinihana sy fiofanana araka ny lohahevitra omena : Tantaram-pikambanana, Tantaran'ny Fiangonana, fivelaran'ny maha olona, fiteny fransay, fianarana ny lalàm-panorenan'ny Fikambanana, mozika,… Ireo rehetra ireo izay halalininay miaraka dia fitaovana manampy ahy ho tonga mpianatr'i Kristy. Manamboatra savony izahay sy miasa any an-jaridaina amin'ny fiahiana ny hatsaran'ny kôminôtenay sy ny manodidina. Samy hafa ny tsirairay fa nantsoin'ny Tompo tamin'ny « anarany avy » sy ny fahasoavany ka manampy anay handroso miaraka.

## NJARA, ANNE-MARIE et MARINAH - Novisy taona voalohany



Faly izahay nihaona tamin-dry masera sy ny Nôvisy rehefa tonga taty Kamerona, eto Nkongsamba. Amin'ireo zavatra atao vaovao ataonay sy ireo fifandraisana vaovao dia ianaranay ny fanarahan-dia an'i Jesoa. Matoky anay izy, ary Izy no mbola manome hery handrosoanay lavidavitra kokoa.Nanaraka fiofanana ho an'ny novisin'ny fikambanana samihafa izahay ka nanaraka ny fampianarana mikasika ny fandanjalanjana arapanahy. Miaina ny fahasamihafana dia tsy mora mandrakariva ! Raha mila hery sy fifantohana ny fanaovana zaridaina dia mbola mila misimisy kokoa noho izany ny fikolokoloana ny fifandraisana amin'ireo manodidina.Miaraka amin'ny vavaka sy ny fahasoavan'Andriamanitra dia mandeha ny zava-drehetra ! Ny fahafahana manome izay ananantsika sy mandray izay zarain'ny hafa mitondra ho antsika hafaliana sy fiadanana anaty, manainga anay havitrika amin'ny antson'i Jesoa izay manery tokoa, miantefa aminay tsirairay, dia ny nôvisy sy ny masera.